## Ny Valosoa sy hadihady

### Raharaha Rolly Mercia. Fitondrana Rajoelina

# Fanagadrana, fanapotehana ny tsy mitovy hevitra no lehibe indrindra

« Izay tsy miady olombodo, fa izay to-fo mpamosavy » ary « aleo very tsikalankalam-bola toy izay very tsikalankalam-pihavanana», hoy ireo fahendrena malagasy. Efa tsy iainan'ny gasy intsony, angamba tsy vao izao, satria efa novolen'ny mpanjanaka ny fitiavantena sy ny fanompoana vola. Nandritra ny fanjanahantany tokoa no nisy ny gasy nivarotra ny mpiray tanindrazana taminy, noho ny fitiavantena sy ny fisolelahana ary ny fitia te-hanankarena tampoka. Nitohy izany satria nozarain'ny mpanjanaka ny malagasy tamin'ny fanganana ny antoko politika ho an'ireo nolazaina, fa tsy mpandova na voahilikilika dia ny Parti des Déshérités de Madagascar (PADESM) nentina nanohitra ny MDRM. Arakaraky ny toe-draharaha dia mihofo manaraka izany koa ny anaran'ny antoko politika, ka ny PADESM niova Parti Social Démocrate (PSD) ary ny MDRM lasa Antoko Kongresista ho Fampandrosoana an'i Madagasikara (AKFM). Tsy mijanona eo ny fihofoana fa na ireo antoko niandohana ireo aza dia nivakivaky ary ny mpikambana sasany kosa nisintaka ka nanangana antoko hafa. Ny RPSD teraka avy tao amin'ny PSD, ny tao amin'ny AKFM namorona ny AKFM Fanavaozana rehefa nitsangana ny Repoblika Demokratikan'i Madagasiakara. Talohan'izany dia nisy mpikambana sasany tao amin'ny Antoko Monima nanangana ny MFM ary rehefa lasa sosialista ny firenena dia nivaky ihany koa ny Monima, ka nipoitra avy ao amin'ny Monima Ka Miviombio ny Monima Remanindry Jaona sy ny Monima Tsihozony Maharanga. Ny zava-doza naterak'izany dia nifanenjika sy nifanabaty ireo niara-dia teo aloha. Amin'izao Repoblika IV-2 izao dia miverina ny fanenjehana ny olompirenena tsy ao anatin'ny fitondrana na manohitra ny fitondrana eo amin'ny sehatra rehetra. Ny mpanjanatany no nanao izany ary notohizan'ny mpitondra tamin'ny Repoblika I dia nisy ny mpanao gazety niditra am-ponja matetika noho ny lahatsoratra navoakany. Araka izany dia nisy ny sivana sy ny fandraofana ny gazety efa teny amin'ny toeram-pivarotana. Niha-mafy ny fanenjehana nandritra ny Repoblika II ka tsy vitsy ny mpanao politika nigadra na nalefa tany amin'ny toerana manokana (en résidence surveillée) ary nisy ireo voampanga ho nifofo ny ain'ny filohan'ny Repoblika tamin'izany. Nitohy ary nitombo ny fifankahalana sy ny fifanenjehana ary ny famonoana an-kolaka mihitsy ny tsy miara-dàlana na ao amin'ny fitondrana na eo anivon'ny vondrona politika, na samy mpiaradia ao amin'ny antoko kanefa mety tsy mitovy fomba fijery. Nivadika ho fandrisihana fifankahalana teo amin'ny samy Malagasy izany nanomboka tamin'ny fiampitàna teo amin'ny Repoblika III-2 sy Repoblika III-3, ka namoronan'ny Amiraly Ratsirak Didier ny Faritany mizakatena ka nananganana barazy tany Brickaville sy tany amin'ny tetezan'i Kamory ary ny fanapahana ny tetezana tany Fatihita. Tsapa fa ny mpanohana an-jambany (extrêmistes) ihany no saika manatanteraka an-jambany ny baiko omena na iraka ampanaovina azy. Saika niafara tamin'ny fifofoana ny ain'ny Filoha am-perinasa, Ravalomanana Marc, ny fankahalana hasisika ao antsain'ny marivo salosana sy fiheverna fa hahazo tombontsoa manokana ateraky ny fanatanterahana izany. Niha-mafy sy nahazo laka izany fifankahalana sy fifanenjehana ary fifamonoana izany nandritra ny tetezamita sy amin'izao Repoblika IV-2 izao. Ny tranga tena manahirana dia na ireo olontsotra na mpanao politika na mpiaradia ary nanohana sy nanao izay nametrahana an-dRajoelina Andry teo amin'ny fiitondrana aza dia lasa fahavalony ka vonoina amin'ny fomba an-kolaka. Porofon'izany ry Rajaonah Mbola, Rolly Mercia, Berija, sns,… Mazava ho azy izao ny antony tsy namoahana tany am-ponja an'i Rolly Mercia noho ny famotsoran-keloka (grace présidentielle) nataon'ny filohan'ny Repoblika, ka nanagadran'ny fitsarana azy telopolo volana indray araka ny didy nivoaka ny fiandohan'ny herinandro teo. Mazava ho azy fa matoa tsy sahy nanome baiko namoahana azy ny filohan'ny Repoblika dia satria ny tena tompompahefana ao an-dapa mihitsy no nitory azy. Tafaverina an-tanindrazana ny filoha teo aloha, Rajaonarimampianina Hery, kanefa dia notsenain'ny didy navoakan'ny fitsarana manameloka ny vadiny herintaona an-tranomaizina sy handoa lamandy iray tapitrisa ariary, izay soa ihany fa sazy mihantona noho ny firaisana tsikombakomba tamin'i Rolly Mercia, hono. Fanapempoana sa famendrofendroana sa fandranitana sa fampitahorana fa tsy mbola maty voalavo ankibo ny filohan'ny Repoblika Rajoelina sy ireo mpiaradia aminy? Fankahalàna sy famonoana, fanapotehana, fanenjehana ary fanagadrana ny tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra no lehibe indrindra.

***Andry Tsiavalona***

NY VALOSOA VAOVAO facebook

### Olon'ny fitondrana
### Toa lasa manao ny fitsarana ho fitaovana amotehana fiainan'olona



**Hetsika Montpellier :** TAPA-KEVITRA NY FANJAKANA MALAGASY IZAY BAIKON'I MAMY RAVATOMANGA FA HAMONO NY MPANAO GAZETY SADY MINISITRA TEO aloha HARRY LAURENT RAHAJASON na Rolly Mercia. KA DIA NAMPIASAINY NY FITSARANA HANOME SAZY MAVESATRA AZY T@ ILAY VESATRA NOFORONINA HOE : NIJORO VAVOLOMBELONA NANDAINGA.
Noteren'ny fitsarana malagasy tokoa i hialky fa i Raphael Albaladejo sy Voahangy Rajaonarimampianina no naniraka azy hijoro vavolombelon'ny Lainga t@ raharaha PNF nahavoasarigontra an'i mamy Ravatomanga any Frantsa. Toa nasehon'ny fitsarana fa i Mamy Ravatomanga no mibaiko azy ka avy hatrany dia sazy henjana no nilatsaka :
- Laurent harry RAHAJASON, na i Rolly Mercia dia voasazy 30 volana sazy mihàtra miampy lamandy 2 tapitrisa ariary. Voahangy
Rajaonarimampianina, vadin'ny filoha teo aloha, herintaona sazy mihantona miampy lamandy 1 tapitrisa ariary, satria voarohirohy fa hoe hono, niray tsikombakomba.
Tsy nanaiky mazava loatra ny voampanga, ka nilaza hampiakatra @ fitsarana ambony, ny raharaha.
Misongadina be eto, fa lasa fitaovana fotsiny ny fitsarana ho entina manapotika fiainan'olona, ampiasain'ny Fanjankana sy ireo mpanohana azy ny fitsarana Malagasy.
**Rabeloaton Rabe :** looza IZANY. Mila fongorina. Azafady.
Hery Rasamoelina : VATOMANGA LASA FASIKAMANGA. Tsy mahita tory intsony fa manenjika ny eritreritra. Teneno i Bac+24 hanao Fouuuuuu tsy ho hita ny dossier any amin'ny PNF.
**Rey Mantchester :** RAHA VAO TSY MIRAY HINA TSY TAFA E! ATAHORAKO HISY MPANOHITRA HO LASA MAPAR AZA ETO REHEFA TSY HIRAY HINA.
**Nirina Maurice :** misy farany avokoa ny zavatra rehetra!
**Marcel Jesset Tevisy :** anareo samy tia seza, ndana miady.
**Iarisoa Claudine :** tsy vanona ireo.
**Willy Randrianjatovo :** fa lay mpitsara zany tena tsy mahay, sa ahoana mitsy, f'angaha moa reny tsy mba manambady amanjanaka no sahy hanaonao foana.
**Andrianirina Mihaja Mamiratra :** mbola tsy Tara Raha izao dia miova hevitra ny mpanagadra olona eto madagasikara, sao hanenina atsy ho atsy.
**Jacques Rabesaotra:** olona efa nodidiana in-4 ve dia mbola gadraina 30 volana, mbola niampy izany ny sazin'i Rolly, nefa efa tokony ho vita.

### Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Mamatotra ny fihariana ny rafitra ara-toekarena hatramin'izay

Miatrika fahasahiranana ara-toekarena izao tontolo izao, ary hiha-hitombo izany amin'ity taona ity, raha araka ny nambaran'ny mpahay toekarena. Isika eto Madagasikara dia tena sahirana tokoa amin'izao fotoana izao eo amin'io sehatra io. Tsy tafarina ny toekarena ary tsy tafavoaka amin'izay lalana napetraka itondrana azy.



Anisan'ny mamatotra ny toekarena malagasy ny fihariana nofaritana eto amin'izao tontolo izao. Raha tany amin'ny fahagolan-tany miditra amin'ny vanim-potoanan'ny faha-mpanjaka, dia niavaka ny fiharian-karena teto amin'ny firenena, izay niainga tamin'ny takalo izany. Rehefa niroso tamin'ny rivotra nifandraisana tamin'ireo olona avy any ivelany kosa, dia niditra ny resaka vola. Niha-tafiditra lalina izany, indrindra natao ihany koa izay hanovana ny rafi-pihariana ara-toekarena teto, rehefa tonga ny Frantsay, izay narahin'ny rafi-panjanahantany. Ao anatin'izany no namatorana ny fiharian-karena teto sy ny toekareny hanjohy ny fihariana teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, izay nofaritan'ireo firenena tandrefana nanjakazaka teto amin'izao tontolo izao. Tsy afaka intsony, fa mitohy sy iainana mandraka ankehitriny izany rafi-pihariana izany. Fihariana izay tsy mikatsaka afa-tsy ny tombontsoa manokana sy mitady hatrany ny tombony, na ny fihariana kapitalista izany. Fihariana izay ifamatoran'ny lalànan'ny tolotra sy ny tinady. Mazava loatra, fa misy sokajy tsy voajery loatra, ary misy aza matiantoka na voambaka mihitsy ary tsy maintsy miharitra ny lalàna na ny fitsipi-dalao mipetraka eo. Ny firenena madinika sy sahirana toa ny firenentsika no mitaty ny vokatr'izany. Tsy lavina, misy ny tombontsoa azony, kanefa ampahany kely ihany, fa amin'ny ankapobeny, fatiantoka no raisiny. Amin'ny fomba ahoana no ialàna amin'io? satria tsy nahatsara ny toekarentsika izany rafitra izany tato anatin'ny 60 taona mahery nahazoana ny fahaleovantena izao. Mila rafi-pihariana vaovao hahafahana mametraka fomba fiasa vaovao hanarenana ny sehatry ny toekarena sy ny fihariana eto amin'ny firenena. Mitaky fomba fisainana vaovao mihitsy izany. Manan-kambara sy hevitra atolotra amin'izany ny Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK). Efa misy ny fitaovana vonona azo ampiasaina amin'izany. Misy ny varavarana misokatra hotanterahiny hahafahana midinidinika ny amin'izany, izay hatao ny Alarobia 8 Martsa 2023. Laharana azo ifandraisana amin'izany ny 0341746053.

***Aris***

## Tononkalo

### Mbola tany tan-dalàna ve?

Mbola iainana eto ve ny atao hoe "tany tan-dalàna",
Sa dia tena sarisary mody notefena ihany?
Ireo mijoro manakiana, indreo alefa am-pigadrana,
Amin`izay dia tsy afa-mihetsika fa mimpirimpirina any ?

Mbola iainana eto ve ny atao hoe "tany tan-dalàna",
Sa ny tian`ny mpanambola no tsy maintsy tanterahina?
Kolikoly no malaza sy manjaka eto an-tanàna,
Ka hatramin`ny volamena miova tampoka ho varahina !

Mbola iainana eto ve ny atao hoe "tany tan-dalàna",
Sa ny vola no miteny, vola ihany no mahery?
Ka dia ny mpanapitrisa no mibaiko fitsarana,
F`efa azy ny rehetra, tena azy samy irery ?

Mbola iainana eto ve ny atao hoe "tany tan-dalàna",
Mba valionareo mpitsara, sa `nareo voatampim-bava ?
Misy ve tsikombakomba iarahana amin`ny fitondrana?
Io anefa raha izao, tsy ho ela intsony dia ho rava !

***DADAN`i RIANA (15-03-23)***